البرنامج اليومي

# من القيام إلى المنام

للعباد الصالحين

الشيخ حبيب الكاظمي

# البرنامج اليومي

FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO

# من القيام الى المنام

MANOMBOKA EO AMPIFOHAZANA AMIN'NY MARAINA KA MANDRAM-PATORIANA AMIN'NY HARIVA

# للعباد الصالحين

HO AN'IREO MPANOMPO TSARA

Nadika avy Tamin'ny boky izay nosoratan'i Sheik HABIB AL-KAZIMI (DZA)

Mpandikateny : Sheik TAHIANTSOA Salman

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَٰنِ الرَّحِيمِ

وَبِهِ نَسْتَعِينُ

## TENY FAMPIDIRANA

### AMIN'NY ANARAN'ANDRIAMANITRA ILAY BE INDRAFO SY BE FAHASOAVANA

Dera sy laza ho an'I tompo Allah, izay tsy misy miafina aminy ny zava-drehetra, ary ny tso-dranony anie hirotsaka amin'ilay Mpaminany masina, sy ireo fianakaviany tsy voapetin'ny ota, izay nataony ho vavolombelona eo anivon'ireo zava- boahariny, sy ho mpiandry ireo ondriny.

Tsy misy fisalasalana fa ny fototra voalohany eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona dia fatiantoka, araka ny voalaza ao amin'ilay boky masiny feno fahasoavana, ao amin'ny toko "NY FOTOANA", ka ireo izay votom-pinoana sy mpanao asa soa dia notsongaina manokana tsy ho tafiditra ao anatin'izany fatiantoka izany, ary efa iarahana mahalala fa tsy olona tokana no voakasik'izany, ka mila fatantsika fa ny mpino izay mpiaro tena dia miezaka mandrakariva hanao ireo asa soa ao anatin'ny fotoana rehetra, izany hoe manatanteraka ny asa fanompoana antsakany sy andavany.

Ka mba ho fanehoana izany asa soa izany, dia niezaka izahay naneho izany ao anatin'ity boky kely ity, mba hanazavanay amin'ny endrika akapobeny ireo hetsika na asan'ny mpino manomboka izy miala eo ampandriana ka mandram-piverenany eo indray, izany no natao, mba ho lasa loharano fanovozana eo amin'ny fiainana tsara sy mendrika, ary izahay tsy mitopo-tena akory fa izany dia tena tsy maintsy zotra izoran'ny fiainan'ny olona tsirairay akory, ka noho izany, izay afaka manampy zava-tra hafa mba hoentina mameno izay voalaza ato dia azony atao tsara izany.

Niezaka ihany koa izahay ny hitondra ireo rakitsoratra mahaka-sika izany sehatra izany, ka izay voaray avy tamin'ireo Ahloul Bayt (as) no loharano azo antoka amin'izany, na dia mandeha mankany andrefana sy atsinanana aza tsy mba hahita lalana manakaiky an'I tompo Allah kokoa ankoatra io lalana io (Ahlul Bayt).

Hamafisina fa misy olona sasany efa nahavita nanatanteraka ireo zavatra izay voalaza ato anatin'ity boky kely ity: ny antony mahatonga izany anefa, na noho toe-javatra misy eo amin'ny fiainana, na noho antony tranga aram-pinoana izay aterakin'ny finiavany manokana, na koa noho ny vokatry ny ezaka manokana nataony…, ary kanefa kosa, inona moa no sakana ho an'ny olona amin'ny faniriana ny hiakatra amin'ny avo kokoa?.

Ary eto ampamaranana izahay dia miantso ireo rahalahy isany mba hanaraka an'ilay fitsipika izay mifototra amin'ny fijery hoe, aoka ny fahasarotan'ny zavatra iray tsy hisakana ny fanaovana izay mora atao,na ny fahalemen'ny vatana hisakana an'izay manana finiavana sy fikasana matanjaka, ary hamafisina fa isika raha ohatra isakiny hikasa  hanao zavatra iray eo amin'ny fiainana : na resaka fanompoana an'I tompo Allah izany, na ireo zavatra mialoha lalana ny asa fanompoana, dia hamafisina fa ny fiainana rehetra dia lasa nivadika fiainana araka an' I Andriamanitra mandrakariva.. endrey ny fahasoavan'ireo izay miezaka mandrakariva mitondra ny fiainana mankany amin'ilay fahasambarana izay tsy mba hisy fiafarany mandrakizay.. ary raha toa ka  izany rehetra izany mbola mifototra amin'ny alalan'ny  finiavana sy fikasana, izahay tsy mba hitazona izany irery, ary isika dia miandry lava be nefa ny vatsy izay hoentina kely dia kely?!.

1 Rabio Al-Awal 1430 H

HABIB AL-KAZIM





IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 5 12/01/2022 09:13:52

**IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO MANOMBOKA EO AMPIFOHAZANA AMIN'NY MARAINA KA HATRAMIN'NY FATORIANA HARIVA**

1 Tsy maintsy fehezina ny fotoana hatoriana satria ny olona dia manana fahazaran-dratsy matory diso tafahoatra indrindra fa amin'ny fotoana fialan-tsasatra sy fakana fahazoan-dalana tsy hiasa.

⊙ Voaray avy tamin'ilay Iraka masina (sw), hoy izy hoe : **« mitandrema ianareo amin'ny torimaso be loatra, satria ny torimaso be loatra dia miteraka fahantrana ho an'izay manao izany amin'ny andro farany ».**

⊙ Voaray avy tamin'Imamo SWADIQ (as), hoy izy hoe : **« Tena marina fa tsy tian' i Tompo Allah ny torimaso diso tafahoatra, sy ny hamaroan'ny fotoana tsy anaovana na inona na inona ».**

⊙ Voaray avy tamin'Imamo SWADIQ (as), hoy izy hoe : **« Ny torimasoa diso tafahoatra dia manimba ny finoana no sady manimba ihany koa ny fiainana ety an-tany ».**

2 Ny fiaretan-tory ao anatin'ny alina noho ny antony fifampiresahana miaraka amin'ilay tompon'izao rehetra izao, sy ny fananganana fotoam-pivavahana (soalat) dia anisan'ireo fiaretan-tory aram-panompoana izay tena manan-danja tokoa, ary indrindra raha atao ao anatin'ny alina izay tena mangingina izany, no sady miaraka amin'ny fiatrehana na fitodihana any amin'ny Qiblat, ka tsy dia misy olana akory ny amin'ny fanairana na famohazana ny olona izay tena manan-danja aminao ny momba azy ho amin'izany, tahaka ny vady ohatra, satria ny fanirahana ny hafa hanao ny soa dia mitovy amin'ny nanao izany ihany koa ny valisoa azon'ilay mpaniraka..ary iarahana mahalala fa ireo sakaizan'Andriamanitra ireo dia tsy tongatonga ho azy amin'izany toerana lehibe sy feno voninahitra izany raha tsy noho ny fifikirana mandrakariva amin'ny fananganana ny Soalatoul Layly (fivavahana amin'ny alina), ary raha ohatra tsy afaka manatanteraka an'ireo Nafilat izay takiana amin'ny fanaovana an'izany ianao, farafaharatsiny



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 6 12/01/2022 09:13:52

mba manao an'ilay soalat izay antsoina hoe: **"ASHAF'GNO"** izay misy rakat roa, sy ilay soalat izay antsoina hoe: **"WITRO"** izany ahitana rakat iray, na dia mialoha kelin'ny fiantsoana ho amin'ny soalat na ny fotoam-pivavahana amin'ny maraina aza **(soalatoul fajre)**, satria ilay toerana manamboninahitra na **(Maqamou Al-mahmoudi)** io dia tsy tokony ho very azy io ny mpino, ary azo atao ihany koa anefa manao **(Qadwa)** na manolo ireo Nafilat amin'ny antoandro, mba hanaporofoan'ilay mpanompo amin'ilay Tompony fa izy dia saropiaro amin'ny fanatonana Azy amin'ny alalan'ireo Naofilat ireo ..ka aoka ianao hiverina hamaky an'ireo fahalalam-pomba mahakasika ny Soalat Layli na ilay fotoam-pivavahana fatao amin'ny alina.

⊙ Niteny ilay Iraka masina (sw) nanao hoe: **"Ny fotoana tsara indrindra izay tokony hangatahanareo amin'ilay tompo Zanaharinareo dia amin'ny maraina be "AL-ASHAR", rehefa avy teo Izy dia namaky an'ilay andalana izay misy teny nataon'I Yacoub (as) hoe: " hamela heloka anareo ny tompoko", dia hoy indray Izy hoe: " ny farany amin'izy ireo dia amin'ny maraina be".**

⊙ Voaray avy tamin'imamo ASKARI (as): **"hamafisina fa ny fanakaikezana an' I tompo Allah dia mandalo lalana lavabe izay tsy ho tratra na tsy ho vita raha tsy amin'ny alalan'ny fiaretana tory ao anatin'ny alina".**

3 Ny fahatelo amin'izany, ny maraina dia tokony hatomboka amin'ny fampitsanganana ny soalatoul al-fajre izay iandohan'ny Nafilatoul Al-Fajre, satria ny fananganana ny Nafilat dia fanomanana ny fanahy (Rouh) no sady fanesorana ny hakamoana indrindra moa raha tena mandresy ny vesatry ny torimaso, iarahana mahalala ihany koa fa ny fanaovana Nafilat dia mameno ireo banga eo amin'ny soalat izay tsy maintsy atao **(FARA'ID = OBLIGATOIRE)**, araka ny voalazan'ireo lovantsofina na Rywayat.

4 Ny fahaefatra dia ny fifikirana mandrakariva amin'ny fanaovana an'ilay **Tasbihat Zahrah (as)** ao aorian'ilay soalat tsy maintsy atao avy hatrany, ary ny tena tsara indrindra dia ny fanaovana an'ilay Tasbih sy ilay Zikra amin'ny alalan'ny tasbih izay vita avy amin'ny **tourbatou Al-Housseiniat**, araka tatitra izay nataon'I Sheik Atwa'ifat ao amin'ilay boky izay

antsoina hoe: **“TAHZIB”**, voaray avy tamin’ireo loharano marim-pototra fa avy tamin’i **SWAHEBOUL AMRI (as),** izay nilazany fa izay Tasbih vita amin’izany tourbat izany no tena zavatra tsara indrindra hoentina manao tasbih, ary indraindray ilay mpanao tasbih dia manadino, ka mba hialana amin’izany, tokony hosoratana ilay izy na alamina milahatra amin’ny alalan’ny kofehy: **“34, 33, 33”**, aorian’izay dia ny fanatanterahana an’ireo Ta’akibat na vavaka fatao ao aorian’ny soalat izany, misy eo ampelan-tanana sy voasoratra ao amin’ilay boky izay antsoina hoe: **“MAFATIHOUL JINANI”**, ary anisan’izany ireto telo manaraka ireto:

أَصْبَحْتُ اللّهُمَّ مُعْتَصِما بِذِمامِكَ المَنِيعِ الَّذِي لا يطاول وَلا يُحاوَلُ مِنْ شَرِّ كُلِّ غاشِمٍ وَطارِقٍ مِنْ سائِرِ مَنْ خَلَقْتَ وَما خَلَقْتَ مِنْ خَلْقِكَ الصَّامِتْ وَالنّاطِقِ فِي جَنَّةٍ مِنْ كُلِّ مَخُوْفٍ بِلِباسٍ سابِغَةٍ وَلاِ أَهْلِ بَيْتِ نَبِيّكَ مُحْتَجِبا مِنْ كُلِّ قاصِدٍ لِي إِلىأَذَيّةٍ بِجِدارٍ حَصِينِ الاخْلاصِ فِي الاعْتِرافِ بِحَقِّهِمْ ، وَالتَّمَسُّكِ بِحَبْلِهِمْ مُوقِنا أَنَّ الحَقَّ لَهُمْ وَمَعَهُمْ وَفِيهِمْ وَبِهِمْ أَوالِي مَنْ وَالَوا وَأَجانِبُ مَنْ جانَبُوا فَأَعِذْنِي اللّهُمَّ بِهِمْ مِنْ شَرِّ كُلِّ ما اتَّقِيهِ يا عَظِيْمُ حَجَزْتُ أَلاَعادِي عَنِّي بِبَدِيعِ السَّماواتِ وَأَلاَرْضِ إِنّاجَعَلْنا مِنْ بَيْنِ أَيْدِيهِمْ سَداً وَمِنْ خَلْفِهِمْ سَداً فَأَغْشَيْناهُمْ فَهُمْ لا يبصرون

**“Andriamanitrô!, eto ampifohaza aho dia mahangataka fiarovana amin’ilay fiarovanao izay tena maharo, izay tsy mba ahitana hirika no tsy mba misy fiovana ihany koa, amin’ireo ratsy rehetra izay mpahazo, sy ny loza, ary amin’ny ratsin’ireo zava-boaharinao, amin’ireo izay rehetra nohariana afaka miteny izany na tsia, mangataka fanavotana amin’izay rehetra mampatahotra, amin’ny alalan’ilay fiarovanao tena maharo, sy amin’ny alalan’ireo fianakaviana masin’ilay irakao, mangataka fiarovana aminao ihany koa aho amin’ny alalan’ny rindrimbenao izay tena manakana tokoa amin’izay rehetra mikasa ny hampijaly ahy, sy amin’ny alalan’ilay fahatsorana amin’ny fanekena ny zon’izy ireo ary amin’ny alalan’ny fifikirana amin’izy ireo ihany koa, miaraka amin’ny fahatoniana tanteraka fa izy ireo dia mari-**

**na sy miaraka amin'ny fahamarinana, ary ao amin'izy ireo ny marina no sady amin'ny alalan'izy ireo ihany koa no hahatongavana any amin'ny marina, ka izaho mankato izay mankato azy ireo, ary manalavitra izay manavitra azy ireo, Tompô! Ka mba arovy aho amin'ny alalan'izy ireo, amin'ireo ratsy rehetra izay atahorako, ô ry ilay lehibe tokoa!, ataoko lavitra ny tenako ireo fahavalo amin'ny alalan'ilay mpahary ny tany sy ny lanitra, " ary hasianay fefy eo anoloany, ary fefy aoriany, hosaronanay izy ireo ka tsy hahita".**

Rehefa avy eo, dia vakio ihany koa ity ranom-bavaka manaraka ity, izay milaza manao hoe:

سْمِ الله وَصَلّى الله عَلى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَأُفَوِّضُ أَمْرِي إِلى الله إِنَّ الله بَصِيرٌ بِالعِبادِ ، فَوَقاهُ الله سَيِّئاتِ ما مَكَرُوا. لا إِلهَ إِلاّ أَنْتَ سُبْحانَكَ إِنِّي كُنْتُ مِنَ الظّالِمِينَ. فَاسْتَجَبْنا لَهُ وَنَجَّيْناهُ مِنَ الغَمِّ وَكَذلِكَ نُنْجِي المُؤْمِنِينَ. حَسْبُنا الله وَنِعْمَ الوَكِيلُ. فَانْقَلَبُوا بِنِعْمَةٍ مِنَ الله وَفَضْلٍ لَمْ يَمْسَسْهُمْ سُوءٌ. ما شاءَ الله لاحَوْلَ وَلا قُوَّةَ إِلاّ بِالله ، ماشاءَ الله لا ما شاء النّاسُ ، ما شاءَ الله وَإِنْ كَرِهَ النّاسُ حَسْبِيَ الرَّبُّ مِنَ المَرْبُوبِينَ ، حَسْبِيَ الخالِقُ مِنَ المَخْلُوقِينَ ، حَسْبِيَ الرّازِقُ مِنَ المَرْزُوقِينَ ، حَسْبِيَ الله رَبُّ العالَمِينَ ، حَسْبِيَ مَنْ هُوَ حَسْبِي ، حَسْبِيَ مَنْ لَمْ يَزَلْحَسْبِي ، حَسْبِيَ مَنْ كانَ مُذْ كُنْتُ لَمْ يَزَلْ حَسْبِي ، حَسْبِيَ الله لا إِلهَ إِلاّ هُوَ ، عَلَيْهِ تَوَكَّلْتُ ، وَهُوَ رَبُّ العَرْشِ العَظِيمِ

**"amin'ny anaran'Andriamanitra, Tompo Andriamanitra anie hitahy ny Mpaminany sy ny fianakaviany, apetrako amin'Andriamanitra ny momba ahy rehetra, fa mahita tanteraka ireo mpanompony Andriamanitra, miaro ny mpino amin'ny faharatsian'ireo mpanao teti-dratsy izy, tsy misy andriamanitra faha ankoatra Anao, voninahitra anie ho Anao! Eny, mpanao ny tsy rariny tokoa aho, novalianay ny vavaka nataony, ary nampanalavirinay azy ny fahoriana, toy izany no hanavotanay ireo mpino, ampy anay Andriamanitra!, ilay mpiahy tsara indrindra!, tonga miaraka amin'ny fahatsarana sy ny fahasoavan'Andriamanitra izy ireo, tsy iharan'izay mety ho faharatsiana, araka izay sitrak'Andriamanitra, tsy**



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 9 12/01/2022 09:13:53

**misy hery sy tanjaka raha tsy avy amin'Andriamanitra, araha izay sitrak'Andriamanitra fa tsy araka izay sitraky ny olona, eny araka izay sitrak'Andriamanitra na dia mankahala izany azan y olona, ampy ahy ny Tompo manoloana ireo tompoina rehetra, ampy ahy ilay Mpahary manoloana ny zavaboahary rehetra, ampy ahy ilay Mpanome anjampahasoavana manoloana ireo nomena anjaram-pahasoavana, ampy ahy Andriamanitra ilay Tompon'izao tontolo izao, ampy ahy ilay efa ampy ahy, ampy ahy ilay ampy ahy hatrany, ampy ahy ilay efa ampy ahy hatramin'izay nisiako, ary ho ampy ahy hatrany, ampy ahy Andriamanitra ilay tsy misy tompo afa-tsy Izy, aminy no hianteherako, fa izy ilay Tompon'ny seza fiandrianana lehibe".**

Ary rehefa avy eo dia apetraka eo amin'ny tratra ny Tanana, no sady miteny impitopolo manao hoe: **"YA FATAHO"** izay midika hoe: **"ô r'ilay mpamoha".**

Ary izany dia miampy ny famakiana ny andininy masina **«ATAOHIDO»** miisa iraika ambinifolo **(11)**, voalaza fa izay manao an'izay dia tsy ho tafalatsaka ao anatin'ny fanaovana fahotana mihitsy ao anatin'iny andro iny, eny fa na dia manao ny asa ratsiny eo anoloana aza ilay devoly **«SHAITAWAN»**. ary ireo mpino dia tokony hamaky ny ranombavaka na dua **«AL-AHDO»** ao anatin'ny efapolo andro tsy tsapaka na dia indray mandeha fotsiny aza ao anatin'ny androm-piainany.. ary ny tsy fatoriana ao aorian'izany mandrapi-posakin'ny masoandro dia mahatonga ny anjara masoandro izay katsahina eto an-tany ho tratra..ary anisan'izany ihany koa famakiana andalana miisa zato (100) farafahakeliny avy ao amin'ny boky masina kor'any, ary raha ohatra tsy afaka atao (misy sakana) izany eo anelanelan'ny mangiran-dratsy sy ny fiposahan'ny masoandro, dia azo atao mizarazara izany amin'ny ataondro mandrampahatongan'ny alina.

⊙ Niteny imamo SWADIQ (as) nanao hoe : **« ny fanaovana ny TASBIH ZAHRA (as)isanandro isaky ny vita soalat, dia tiako lavitra mihoatra ny soalat izay misy rakat arivo izay atao isanandro».**

⊙ Niteny imamo ALI (as) nanao hoe : **« izay mamaky andalana zato amin'izay sitrany avy ao amin'ny boky**

**masina kor'any, ary vita izany dia miteny manao hoe: "YA ALLAHO" izay midika hoe « Tompô » impito, izany raha vakina amin'ny vatolampy dia hiongotra izany vatolampy izany raha sitrak'Andriamanitra ».**

⊙ Niteny ilay irakan' i tompo Allah nanao hoe : **« izay namaky andalana zato tao amin'ny boky masina kor'any dia tsy mba hosoratana anisan'ireo variana, ary izay mamaky andalana roan-jato kosa dia hosoratana ho anisan'ireo izay mpanompo ».**

⊙ Niteny imamo ASKARI (as) nanao hoe : **« ô ry Sahlo!, hamafisina fa ireo SHIANAY noho ny fanaran'izy ireo anay dia hahazo fiarovana na dia mamakivaky ny onjandranomasina masiaka aza, sy renirano maharendrika, ary na dia tafalatsaka eo anivon'ny liona sy ny alikadia aza, ary ireo Jiny sy olombelona dia mitady fiarovana amin'izay rehetra atahoran'izy ireo amin'ny alalan'ny fanarahan'izy ireo anay, ka aoka ianao hatoky an'Andriamanitra ilay avo indrindra, ka ataovy ampahatsorampo ny fanarahana ireo mpitarika anao izay voadio, ary dia mandehana ianao amin'izay tianao handehanana, mizora mankany amin'ny toerana izay tianao hizorana, fa rehefa avy nifoha ianao, dia aoka hiteny intelo hoe : «ASBAHTOU ALLAHOMA MOUTASIMAN BIZIMAMIKA AL-MANIGN.... » «. . . أَصْبَحْتُ اللّهُمَّ مُعْتَصِما بِذِمامِكَ المَنِيعِ ».**

5 Ny fitadiavana fiarovana mandritra ny fiatombohan'ny atoandro mba ho fiarovana amin'ny haratsian'ny shaitwany avy amin'ireo olombelona sy avy amin'ireo jiny mandritra izany andro izany, koa mitenena ianao hoe : « mangataka fiarovana aho ho an'ny tenako, hoan'ny finoako, ho an'ny harenako, sy ho an'ny zanako ary ho an'ireo rahalahiko arampinoana, mangataka fiarovana amin'ireo izay omen'i tompoko ahy sy fiafaran'ny asako, ary mangataka fiarovana ihany koa amin'izay mikendry ny hanao ratsy amiko, amin'ny alalan'ilay tompo Allah izay tokana, tsy manam-paharoa, ary Izy no ianteherana, izay tsy niteraka no sady tsy nateraka, ary tsy misy toa Azy, ary mitady fiarovana amin'ny alalan'ilay tompon'ny maraina vaomangirandratsy **(vakina hatramin'ny farany ilay andininy**



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 11 12/01/2022 09:13:53

**Al-Falaq)**, ary mila fiarovana ihany amin'ilay tompon'ny olombelona **(vakina hatramin'ny farany ilay andininy Al-Falaq).**
Rehefa avy dia vakio ny souratoul Hamdo miampy Ayatoul Koursio hatreo amin'ilay teny hoe : **"HOUM FIHA KHALIDONA"**.. ary vakio ihany koa ilay andalana masina izay milaza manao hoe :

شَهِدَ اللّهُ أَنَّهُ لاَ إِلَهَ إِلاَّ هُوَ وَالْمَلاَئِكَةُ وَأُوْلُواْ الْعِلْمِ قَآئِمَاً بِالْقِسْطِ لاَ إِلَهَ إِلاَّ هُوَ الْعَزِيزُ الْحَكِيمُ ﴿١٨﴾ إِنَّ الدِّينَ عِندَ اللّهِ الإِسْلاَمُ وَمَا اخْتَلَفَ الَّذِينَ أُوْتُواْ الْكِتَابَ إِلاَّ مِن بَعْدِ مَا جَاءهُمُ الْعِلْمُ بَغْيًا بَيْنَهُمْ وَمَن يَكْفُرْ بِآيَاتِ اللّهِ فَإِنَّ اللّهِ سَرِيعُ الْحِسَابِ ﴿١٩﴾

Midika toy izao amin'ny teny gasy : **«manamafy Andriamanitra, fa tsy misy mendrika atao andriamanitra afa-tsy Izy irery, manamafy izany koa ireo Anjely sy ireo manampahalalana izay mijoro amin'ny rariny sy ny hitsiny. Tsy misy mendrika atao andriamanitra afa-tsy Izy irery ihany, ilay Tsitoha, sy be fahendrena; hamafisina, fa ny finoana voaray eo anatrehan'Andriamanitra dia ny finoana islamo. Ary tsy nifanolana tamin'izany ireo nomena ny rakitsoratra raha tsy taorian'ny fahatongavan'ny fahalalana ny Kor'any teo aminy, noho ny haratsiam-panahy nisy teo amin'izy ireo. Ka izay mitsipaka ireo porofo famantarana avy amin'Andriamanitra …dia tsarovy, fa Andriamanitra tokoa no haingam-pitsara indrindra ».** *(andininy AL IMRAN 3/18-19)*
Vakio ihany koa ny andininy izay antsoiny hoe : *« Ayatoul Moulko »*

قُلِ اللَّهُمَّ مَالِكَ الْمُلْكِ تُؤْتِي الْمُلْكَ مَن تَشَاءُ وَتَنزِعُ الْمُلْكَ مِمَّن تَشَاءُ وَتُعِزُّ مَن تَشَاءُ وَتُذِلُّ مَن تَشَاءُ ۖ بِيَدِكَ الْخَيْرُ ۖ إِنَّكَ عَلَىٰ كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ تُولِجُ اللَّيْلَ فِي النَّهَارِ وَتُولِجُ النَّهَارَ فِي اللَّيْلِ ۖ وَتُخْرِجُ الْحَيَّ مِنَ الْمَيِّتِ وَتُخْرِجُ الْمَيِّتَ مِنَ الْحَيِّ ۖ وَتَرْزُقُ مَن تَشَاءُ بِغَيْرِ حِسَابٍ ﴿٢٧﴾

Izay midika amin'ny teny gasy hoe : **«Iazao: "Andriamanitra ô! Ianao no Mpanjakan'ny fanjakana rehetra. Ianao no manome ny fanjakana amin'izay sitrakao, ary Ianao ihany koa no manongotra ny fanjakana araka izay sitrakao anaovana**



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 12 12/01/2022 09:13:53

izany, mbola Ianao ihany koa no manome fiandrianana amin’izay ankasitrahinao, ary mbola Ianao ihany koa no menetry izay sitrakao. Eo am-pelatànanao ny fahasoavana rehetra. Eny, mahefa ny zavatra rehetra Ianao. Ianao no manosoka ny alina ao amin’ny andro, sy manosoka ny andro ao amin’ny alina, Ianao ihany koa no mamoaka ny velona avy ao amin’ny maty, sy mamoaka ny maty avy eo amin’ny velona. Fa Ianao no manome anjara fivelomana tsisy fetra ho an’izay ankasitrahinao»** *(Andininy ALI IMRAN 3/26-27)*. ..ary vakina ihany koa ilay andininy izay antsoina hoe: *“SAKHIRAT”*:

إِنَّ رَبَّكُمُ اللّهُ الَّذِي خَلَقَ السَمَوَاتِ وَالأَرضَ فِي سِتَّةِ أَيَّامٍ ثُمَّ اسْتَوَى عَلَى الْعَرْشِ يُغْشِي الَّيْلَ النَّهَارَ يَطْلُبُهُ حَثِيثًا وَالشَّمْسَ وَالْقَمَرَ وَالنُّجُومَ مُسَخَّرَاتٍ بِأَمْرِهِ أَلاَ لَهُ الْخَلْقُ وَالأمْرُ تَبَارَكَ اللّهُ رَبُّ الْعَالَمِينَ*ادْعُواْ رَبَّكُمْ تَضَرُّعًا وَخُفْيَةً إِنَّهُ لاَ يُحِبُّ الْمُعْتَدِينَ* وَلاَ تُفْسِدُواْ فِي الأَرْضِ بَعْدَ إِصْلاحِهَا وَادْعُوهُ خَوْفًا وَطَمَعًا إِنَّ رَحْمَتَ اللّهِ قَرِيبٌ مِّنَ الْمُحْسِنِينَ

Toy izao ny dikan’izany amin’ny teny gasy: “ **hamafisina, fa ny Tompo Zanaharinareo dia Andriamanitra, izay Nahary ireo lanitra sy ny tany nandritra ny enina andro, avy eo dia nandray ny seza fiandrinany Izy. Ny alina nataony ho rakotry ny andro izay manenjika azy tsy ankijanona. (Izy no nahary) ny masoandro sy ny volana ary ireo kintana marobe, fa ireo rehetra ireo dia nandray ny baikony avokoa. Moa va tsy Azy irery ihany ny fahariana sy ny fandidiana? Voninahitra anie ho an’Andriamanitra, tompo Zanaharin’izao Tontolo izao. Mangataha amin’I Tompo Zanaharinareo ianareo amim-panetrentena, sy amin’ny toerana mangina. Hamafisina, fa Izy dia tsy tia ireo mpihetraketraka ( mpandika lalàna). Aoka ianareo tsy hanimba ny tany taorian’ny fahatsarany, ary mangataha Aminy ianareo amim-patahorana sy amim-panantenana, satria ny famindram-pon’Andriamanitra dia akaiky ireo mpanao soa”.** *(AL-A’raf: 7/54-56)*

⊙ Araka ny tatitra nataon’I AL-KOLEINI, avy amin’ny loharano itokisana, voaray avy tamin’i ABI ABDOULLAH (as), ary hoy ity farany hoe: rehefa nanome baiko an’ireo anjely ilay Avo indrindra tamin’ny fampidinana io andalana masina io ety



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN’ANDRO.indd 13 12/01/2022 09:13:53

an-tany, dia nihazona tamin'ilay seza fiandrianana izy ireo, ary niteny nanao hoe: **"tompô!, ho aiza no hampidinanao anay, ho any amin'ireo olona mpanao fahadisoana sy mpanota ve?"**, ka dia nandefa hafatra ny tompo Allah tamin'izy ireo, mba hidina.. Ary noho ny voninahitro sy ny fahalebeazako!..n'iza n'iza mamaky azy ireo amin'ireo fianakavian'i MOUHAMMAD (as) sy ireo mpanaradia azy ireo aorian'ny soalat (wajib), izay nodidina tsy maintsy ataony, dia tsy maintsy jereko amin'ny alalan'ilay masoko feno hinakinaka, impitopolo isan'andro, ary valiako ihany koa ny fitopolo amin'ireo filany, ary ekeko ny hataka ataony na dia mpanota azy izy, ary izy io dia reniben'ilay boky, nijoro vavolombelona ny tompo Allah fa tsy misy tompo ankoatra Azy, andalana **"AL-KORSIO"** sy ny andalana **"AL-MOLKO"**.



**6** Fifanekenaoamin'nytenanaonyamin'nymbatsyhanaovanao fahotana mandritra ny tontolo andronao - ary izany dia antsoina hoe: **"MOUSHARATWAT"** na **"fifamatora amin'ny tena"** ao amin'ireo **boky akhlaq** na ireo boky mahakasika ny fitondran-tena– rehefa ianao mizotra mankany amin'ny toeranam-piasanao na mankany amin'ny toerana fianaranao, ary izany anefa tsy maintsy ampiarahinao amin'ny fitandremana ny tenanao ao anatin'izany tontolo andronao izany, ka dia tokony ho farananao amin'ny alalan'ny fanaovana tamberina ny zavatra nataonao nandritra ny tontolo andronao, alohan'ny hatorianao amin'ny alina, mba hahafahanao mifikitra amin'izay nifamatoranao amin'ny tenanao…



⊙ Niteny I NABI (sw) nanao hoe: **"ny olona iray manantsaina raha tena manantsaina tokoa izy dia tokony ho zarainy efatra ny fotoanany: fotoana iray dia tokony hatokany ho fiantsoany an'ilay tompony, ary fotoana faharoa dia tokony hatokany ho fandinihany ny tenany, fotoana ampahany fahatelo dia tokony hatokany amin'ny fanantonana an'ireo manam-pahaizana mba hanavotra azy amin'ny raharahany ety an-tany, no sady hanoro lalana azy, ary ny fotoana faha efatra farany, dia tokony hatokany amin'ny fandinihany momba ny tenany sy ny zava-tsoa rehetra izay nolalovany teto an-tany amin'ireo zavatra azo atao sy mendrika deraina ny fanaovana azy".**

⊙ Niteny imamo KAZIM (as) nanao hoe: **"tsy anisan'izay avy aminay izay tsy mba mandinika sy mamakafaka momba ny tenany isan'andro, ka raha ohatra nanao asa tsara izy dia hampitomboin'i tompo Allah izany, no sady derainy izy, fa raha nanao asa ratsy kosa izy dia mangataka famelan-keloka amin'i tompo Allah izy, no sady mibebaka aminy".**

**7** Aoka ianao hanana finiavana na fikasana hanantona an'Andriamanitra na aiza na aiza ny toerana alehanao mba hahazoanao vola aman-karena, satria izay manam-piainana eto an-tany dia tsy mba hanana fiverenana tsara ho azy any ankoatra.., ary ny tena tsara ho an'ny vehivavy ny fisafidianana toerana iray izay tsy hahafahany mifangaro amin'ireo lehilahy, satria ny SHAITWAN miasa mafy ihany koa eny amin'ireny toeram-piasana ireny, izany dia miseho amin'ny endrika topi-maso miverimberina izay mety hiaretanao isan'andro, ary maro amin'ireo lehilahy ihany koa no miezaka ny hahazo izay vehivavy ilainy eny amin'ireny toeram-piasana ireny, izany anefa dia tanteraka noho ny vokatry ny fifampikasohana matetika sy ny tsy maha eo an'ilay lehibe mpiandraikitra!!.

⊙ Niteny imamo SWADIQ (as) nanao hoe: **"ny fikasana dia tsara lavitra noho ny asa (fihetsika), ka moa va tsy ilay fikasana ihany no mivadika asa!".**

⊙ Ny Mpaminany isaky ny mahita olona dia mitolagaga no sady manontany ireo mponina hoe: **"moa ve manana an-ton'asa izy io?",** ka raha ohatra izy ireo milaza hoe: **"tsia",** dia hoy ny Mpaminany (sw) hoe: **"tsy manan-danja eo anoloako izany",** ary nisy tamin'ireo mponina nanontany Azy hoe: **"ahoana ny momba izany ry ilay irak'Andriamanitra?",** dia hoy Izy hoe: **"satria ny mpino rehefa tsy manana an-ton'asa dia mivelona amin'ny alalan'ny finoany"**

**8** Aoka ianao hanao fidiovana masina mandritra ny fiandohan'ny atoandro, satria ny fahadiovana ety ivelany dia miteraka fahadiovana any anaty..ary isaky ny simba na tapaka ny Ouzounao dia tokony ho havaozinao indray mandeha, ary indrindra amin'izao fotoana izao izay efa mora avokoa ny zava-drehetra, ka noho izany, miezaha ianao mba hampifanindran-dalana izany amin'ny famakiana ireo DOUA na ranom-



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 15 12/01/2022 09:13:53

bavaka izay mifanaraka amin'ireo fisasana roa sy fisafoana roa.

⊙ Niteny Nabi (sw) nanao hoe: niteny ny tompo Allah hoe: **"izay voan'ny loto kely na isehoan'izany nefa tsy manao fidiovana (ouzou) dia efa nanalavitra ahy, ary izay nisehoan'ny loto kely na voan'izany, ka nanao fidiovana (ouzou) nefa tsy nanao soalat izay misy rakat roa, dia efa nanalavitra ahy ihany koa, ary izay nisehoan'ny loto kely na nivoan'izany, ka nanao fidiovana (ouzou) no sady nanao soalat misy rakat roa, no sady nangataka tamiko mikasika ny raharahan'ny finoany sy ny fiainany eto an-tany, nefa tsy novaliako, dia efa nohalaviriko izy, ary izaho anefa tsy Tompo mpanalavitra sy tsy mpitia".**

9 Manokana zavatra hatao fanomezana isan'andro, na dia zavatra kely aza tsy maninona, ny fahasalaman'imamon'izao fotoana izao no kendrena amin'izany, sy ireo sakaizan'imamo izay mpiaro sy mpanohana azy, tena mety tokoa raha ohatra misafidy mahantra iray ianao eo amin'ny fanokanana an'ilay vola na zavatra hatao fanomezana, ary rehefa avy eo dia tsy maintsy omena azy tokoa izany vola na zavatra izany mba ho tanteraka ilay nokasaina.

⊙ Niteny ilay iraky ny Tompo Allah (sw) nanao hoe: **" aoka ianareo hikatsaka ny anjaramasoandro amin'ny alalan'ny fanomezana".**

⊙ Niteny i NABI (sw) nanao hoe: **"tena marina fa ny fanomezana (swadaqat) dia mampitombo izay tavela eo ampelan-tanan'ilay mpanome, ka aoka ianareo hanome swadaqat dia hitahy anareo anie ny tompo Allah, ary hamafisina fa ny fanetren-tena dia mitondra fahamboniana ho an'izay manao izany, ka noho izany manetre tena ianareo dia hasandratry ny tompo Allah any amin'ny avo, ary ny famelana ny hafa dia miteraka voninahitra ho an'izay manao izany, ka aoka ianareo mba hamela ny hafa amin'izany mba ho hasandratry ny tompo Allah ny voninahitrareo".**

⊙ Niteny imamo SWADIQ (as) nanao hoe: **" tsy misy zavatra afaka miaro amin'ny fahafatesana ankoatra ny fanomezana swadaqat, sy ny fanaovan-tsoa amin'ny ray**





IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 16 12/01/2022 09:13:53

**aman-dreny, ary ny fifandraisana amin'ny fianakaviana".**

⊙ Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"ny fanomezana swadaqat dia miaro amin'ny loza izay tokony ho nanjo, ka mba sitrano amin'ny alalan'ny fanomezana swadaqat ny mararinareo".**

10 Miezaha hifanaraka amin'izay rehetra ao antrano, miaraka amin'ny fangatahana Dou'a amin'izy ireo, indrindra fa ny Dou'a mikasika ny Taofiq na ny fanombiazana, ary amin'ny ray aman-dreny no tena tsara angatahana an'izany, ary anisan'ny zavatra takiana ihany koa ny fangatahana famelan-keloka avy amin'ireo havana akaika, tahaka ny vady raha sendra nisy zavatra nataonao nitondra faharerahana ho azy, na koa nataonao tsindrihazolena izy, izay tsy maintsy atao na dia zavatra efa nandalo ela be aza, satria raha ny tena marina ny Dou'a ataon'ny mpino ho an'ny hafa dia tena mora mivaly tokoa.., ary miezaha ihany koa ianao hamporisika izay rehetra ao an-trano mba hanatanteraka ny soalat na ilay vavaka fanompoana amin'ny fotoany, noho ny asa hafa ankoatra izany, araka ilay tenin'ny Tompo Allah izay milaza manao hoe: **"amporisiho hanatanteraka vavaka fanompoana (soalat) ny fianakavianao, ary mahareta amin'ny fanompoana ihany koa ianao"** *(Ta'Ha: 20/132).*

11 Aza laniana amin'ny zavatra tsy misy antony ny fotoana, tokony hisy fitahirizam-peo miaraka aminao foana, mba hihenoanao ireo zavatra (lesona) mahasoa anao, izay tena mahasoa tokoa ny miheno azy ao anaty fiara, na koa mitondra ireo zavatra fakana feo kely ireny, hamafisina fa izany dia manampy betsaka anao mandritra ireo fotoana izay tsy anaovanao na inona na inona ireny, amin'izay mba hanana fazarana amin'ny fihenoana ny boky masina Kor'any amin'ny feo maro samy hafa ny olona, ary izay mifikitra sy miara-dalana mandrakariva amin'ny boky masina Kor'any dia tsy hanankery eo anatrehany ny zavatra hafa na ny feo izay heverina ho azo henoina aza fa indrindra ny tsy azo henoina.

12 Fametrahana fandaharam-potoana manokana mba handaniana izay fotoana misy , tahaka ny famakiana andininy masina **"ATAOHIDO"**... na famakiana in-jato

ilay teny fiderana manao hoe: « لاإله إلا الله » satria izy io dia fiderana manandanja tokoa amin'ireo fiderana izay misy..na koa ny fanamaroana ny fandefasana tso-drano ho an'ny Mpaminany (sw) sy ho an'ireo fianakaviany masina izay tsy voapetin'ny ota "الصلاة على محمد وآل محمد" satria izy io dia anisan'ny zavatra tsara izay mahatonga ny fahavesaran'ny mizanan'ny mpanompo amin'ny andro farany…ary izay nanazatra ny lelany tamin'ny fiderana an'ny tompo Allah dia ho lasa mora aminy ny mamela ny fitenenana ireo zavatra izay tsy mitondra soa eto an-tany sy any ankoatra.

⊙ Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **«izay miteny hoe: لا اله الا الله injato, dia anisan'ny olona tena nahavita asa tsara tamin'izany andro izany, ankoatra an'izay namaky mihoatra ny zato ».**

⊙ Niteny AMIROUL MOUMININA (as) nanao hoe: **"izay mamaky ny andininy masina "قل هو الله احد" indray mandeha dia tahaka ny namaky ampahatelon'ny boky Kor'any masina, ary izay namaky indroa izany andalana masina izany dia tahaka ny indroa ampahatelon'ny boky masina Kor'any, ary izay namaky izany intelo dia tahaka ny namaky ny boky masina Kor'any iray manontolo".**

⊙ Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"Aoka ho hamaroinareo ny fandefasana tso-drano amiko!,… fa tena marina ny fandefasana tso-drano amiko dia miteraka fahazavana ao ampasana, ary fahazavana ihany koa eo amin'ny Swirat na eo amin'ilay tetezana maranitra, ary mbola fahazavana ihany koa ao amparadisa".**

⊙ Niteny imamo SWADIQ (as) nanao hoe: **"rehefa tenenina ny momba an'i NABI (sw) (ohatra: tononina ny anarany sns…) dia aoka ho hamaroinareo ny fandefasana tso-drano aminy, satria izay mandefa soalawat na tso-drano aminy indray mandeha monja dia andefasan'ireo anjely izay misy filaharana arivo, arivo soalawat, ary tsy misy amin'ireo zavaboaharan'ny tompo Allah ka tsy handefa tso-drany amin'izany mpanompo izany,**





IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 18 12/01/2022 09:13:53

**noho ny antony fandefasan'n tompo Allah sy ireo anjely soalawat aminy.. ka izay tsy mangetaheta hanatanteraka izany dia anisan'ny olona bado mpanambony tena, ary efa nanasa Tanana aminy ny tompo Allah sy ilay irany ary ireo fianakaviany akaiky".**

13 Manamboara tranom-boky, na any amin'ny toeram-piasanao aza dia tokony hasianao tranom-boky kely mba ho vakiana sy hanovozona fahalalana amin'izay mampalalaka anao, mba hialana amin'ny fandaniam-potoana amin'ny zavatra tsy misy dikany, amin'ny ankapobeny, ny mpino tsirairay dia tokony hanana fitoeram-boky ao antranony mba hakany tombony eo amin'ny fiainany sy mba hahatonga azy hazoto hiditra amin'ny tontolon'ny famankiam-boky..ary izany tranom-boky izany dia tokony hahitany ireo karazam-boky maro samy hafa, izay mifanaraka amin'ny ambaratongam-pahalalan'ny olona rehetra izay mionina ao antrano, izany hoe, tokony boky ho an'ny zaza ary tokony hisy ihany koa ho an'ny vehivavy.

14 Miezaha tsy hifandray amin'ireo olona variana amin'ny fiainana eto an-tany, indrindra fa amin'ny vehivavy, raha ohatra ianao lehilahy, ary ny lehilahy raha ohatra ianao ka vehivavy, satria ny fifandefasana resaka na hafatra sy ny sangisangy ary izay rehetra mitovy amin'izany dia varavarana voalohany izay hitarika anao hiditra ao amin'ny toerana tsy misy lalan-kivoahana izay tena mitera-doza, satria izay heverina fa tsy dia misy dikany iny (fifampijerena sns) no hitondra anao mankany amin'izay tena zava-doza (ohatra: fijangajangana).. ary tokony handinika sy hamakafaka tsara alohan'ny hiresahana amin'ny hafa, indrindra fa mikasika ny mety haterakin'izany fifampiresahana izany, ka noho izany dia tokony hijery tsara; sy tokony hametraka fanontaniana hoe: moa ve miteraka hafalian'ny tompo Allah izany resaka izany sa teny tsy dia misy dikany loatra?.

⊙ Niteny imamo ALI (as) nanao hoe: **" ny mpino islamo tsy heverina fa tsara raha mbola mangina (tsy miteny na inona na inona) nefa kosa rehefa niteny izy dia heverina ho tsara sy ratsy"** – ny tiana hambara amin'io hadith io, eo amin'ny fitenenana no hahitana ny tena marina momba ny

olona iray, raha miteny tsara izy, ohatra momba an'ny tompo Allah na zavatra miteraka hafalian'ny tompony dia tsara izy izay, fa raha ohatra kosa mifanohitra amin'izay, dia ratsy izy izay.

15 Tokony hanana tabilao izay ahitana ny ora fanatanterahana ny vavaka fanompoana (soalat) ianao, tokony tsy hisaraka aminao mihitsy izany, na farafaharatsiny, tokony ho hainao ireo fotoana sy ora fanatanterahana izany, mba hahafahanao miomana amin'ny fanatanterahana ny fotoam-pivavahana amin'ny atoandro; hamafisina fa ny fotoam-pivavahana atao amin'ny atoandro dia manana tsiro miavaka eo amin'ny faneriterena na fanelingelenana atao eo amin'ny fiainana andavan'andro, nefa ao anatin'izany fotoana atoandro izany dia misy toerana na fotoana izay tsy maintsy hitodihana sy hitoerana eo anatrehan'ilay tompo Allah..ka noho izany dia miezaha ianao hanatanteraka izany fotoam-pivavahana (soalat) izany amin'ny fotoanany na inona na inona ny asa sahaninao sy ataonao!.. (izany hoe, marina fa miasa isika amin'ny atoandro na koa mianatra, nefa aza atao ambanin-javatra ny fanatanterahana ny soalat amin'izany fotoana izany, satria ny tompo Allah no nanome baiko antsika hitodika sy hahatsiaro Azy amin'io fotoana io, midika izany fa tsy very fotoana izay manao an'izany, fa tsy maintsy mahazo tombony avy amin'ilay tompony, ary hahatonga antsika hahazo ny hafalian'ny tompo Allah dia tokony hotanterahina amin'ny fotoanany izany). Marina fa mila manao izany soalat izany amin'ny orany isika, nefa izany dia tsy maintsy atao ao aorian'ny fahazon-dalana avy amin'ny lehibe, fa raha izy io miteraka fikorontanana sy olana eo amin'ny asa ny fanaovana azy io amin'ny orany dia azo atao ny manatara azy..nefa tsarovy, fa ny tena zava-dehibe amin'ny soalat dia ny endrika fanaovana azy io mila feno fa tsy ny fanalavana azy, ka hiteraka fandaniam-potoana eo amin'ny asa atao.. ho an'izay mila mahalala bebe kokoa momba ny tsiambaratelon'ny soalat izay miaraka amin'ny fatahorana tanteraka dia aoka izy hiverina amin'izay efa voalazanay tany amin'ny SHABAKATOU SIRAJ.

⊙ Niteny imamo REZA (as) nanao hoe: **"raha ohatra eo ampivarotana nefa tonga ny fotoanan'ny soalat (waktou soalat) dia avelao izany (aoka ilay varotra tsy ho sakana ho anao amin'ny fanatanterahana an'ilay soalat),**



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 20 12/01/2022 09:13:53

**tena marina fa ny tompo Allah dia niresaka mikasika ny vahoaka iray no sady nidera azy ireo,** ka hoy indrindra Izy hoe: **“izy ireo dia olona izay tsy mahasakana azy ireo ny fifampivarotana na ny fividianana...”,** ireo vahoaka ireo dia vohoaka mpivarotra, nefa rehefa tonga ny fotoanan’ny soalat dia avelan’izy ireo ilay asa varotra, dia lasa izy ireo manatanteraka an’ilay vavaka fanompoana. Izy ireo no tena mahazo fahombiazana tokoa noho ireo izay tsy mba mivarotra nefa tonga mivavaka (manao soalat)”.

⊙ Niteny imamo SWADIQ (as) nanao hoe: **“ilay soalat (osŧwa) na afovoany dia ilay soalat fatao amin’ny atoandro, ary ny dikan’ilay teny hoe قوموا لله قانتين izay azo adika hoe : «mitsangana amimpanetrentena eo anatrehan’Andriamanitra ianareo » dia ny fitsanganan’ireo olona ho any amin’ny soalat rehefa tonga ny fotoanan’izany, sy ny fanajany fatratra ny fotoana fanaovana izany, amin’izay ho anisan’ny tsy mpanao tsirambina ny soalat, no sady hahatonga azy tsy hanao zavatra hafa”.**

⊙ Niteny ilay iraka masina farany (sw) nanao hoe: **“tsy mbola nisy soalat izay tonga ny fotoana fanatanterahana azy ka tsy nisy anjely niantsoantso an’ireo zanak’olombelona hoe: “ô ianareo olombelona! Mitsangana ianareo hankany amin’ilay fahazavanareo izay nampirehetinareo ao an-dambosinareo, ka vonoinareo amin’ny alalan’ny fanaovanareo soalat izany”.**

16 Fifikirana mandrakariva amin’ny fanaovana isŧighfaro na fangatahana famelan-keloka aorian’ny soalat Asro izay miisa fitopolo, araka ny voalazan’ireo lovantsofina, ny Tompo Allah dia mamela ny fahotan’izay manao izany izay miisa fitonjato, ary izay mamaky an’ilay andalana masina “ Qadro” na souratoul qadre impolo, ny indray mandeha amin’izany anefa dia mahazo valisoa tahaka ny valisoa azon’ireo zavaboahary rehetra amin’izany andro izany, indrindra fa raha impolo... amin’ny ankapobeny, ny fangatahana famelan-keloka dia tokony hataon’ny mpino fahazarana indrindra moa ao aorian’ny fanaovana fahotana..ka izay mifikitra amin’ny fanaovana isŧighfari na fangatahana famelan-keloka amin’ny soalat Asro (soalat faharoa amin’ny atoandro iny izany) sy manao an’izany ihany



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN’ANDRO.indd 21 12/01/2022 09:13:53

koa amin'ny soalat fatao amin'ny alina iny; izay manao izany dia ho voavela ny helony ao anatin'ny roa ambinifolo ora, ary raha sendra maty tampoka izy ao anatin'izany fotoana izany dia hihaona amin'ilay tompony ampahadiovana tanteraka sy miaraka amin'ny fo madio.

- Niteny imamo SWADIQ (as) nanao hoe: **"izay mangataka famelana amin'ny Tompo Allah (manao istighfaro aminy) aorian'ny soalat Asro impitopolo dia havelan'ny tompo Allah ny fahotany izay mitentina fitonjato".**

- Niteny imamo JAWAD (as) nanao hoe: **"izay mamaky *(inna anzalnaho fi lailatoul qadre)* aorian'ny fotoampivavahana Asro impolo.. izay manao an'izany dia mahazo valisoa mitovy amin'ny valisoa nataon'ny zava-boahary rehetra tamin'izany andro izany.**

- Voaray avy tamin'imamo SWADIQ (as) izay nitenenany hoe: "izay mamaky :

استغفرالله الذي لا إله الا هو الحي القيم الرحمن الرحيم بديع السماوات والأرض، من جميع ظلمي وجرمي واسرافي على نفسي وأتوب اليه

**Inefajato (400 fois) isan'andro ao anatin'ny roa volana mifanarakaraka dia homen'ny tompo Allah fahasoavana betsaka amin'ny lafin'ny fahalalana ary torak'izany ihany koa amin'ny fananan-karena.**

17 Miezaha ao anatin'ny fotoana izay mampalalaka anao mba hifandraisanao amin'ireo mpino rahalahinao, tsy noho ny anton'ny fampiononana, fa ny mba hanatanterahanao ilay fifandraisana eo amin'ny samy mpino, satria ny firesahanao aminy amin'ny alalan'ny telefony dia mampiala vesatra lehibe ao an-tratrany, ka ny fanaovanao izany dia manokatra ho anao ny varavaran'ny paradisa.

- Voaray avy tamin'ilay iraka masina (sw), hoy Izy hoe: **"raha ohatra ny olona iray tsy nahita ny rahalahiny nandritra ny telo andro dia tsy maintsy manontany ny momba azy izy, ka raha ohatra izy tsy eo fa lasa an-tany lavitra dia tsy maintsy manao doua (ranom-bavaka) ho azy, fa raha ohatra kosa eo an-toerana ihany dia tsy**





IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 22 12/01/2022 09:13:53

**maintsy vanginy, ary raha ohatra marary tsy maintsy vanginy".**

18 Tena marina fa ny fiarahana mipetraka sy mifangaro amin'ireo olona tafalatsaka ao anatin'ny fahavarianana dia anisan'ny fidirana ao anatin'ny tontolon'ny fifosana sy ny fitsikoana, na fanambaniana ny hafa noho ny tsy fitandremana eo amin'ny teny atao, ary moa va amin'izany raharahan'ny fitsikoana izany misy fahasamihafa sa tsia?, ka noho izany indrindra tokony ho halavirina ny firesahana mikasika ny olona iray, eo ampanaovana an'izany mety tsy hitsiko na hifosa olona ianao, nefa kosa ny olana eto dia ilay fihenoana tsy antsitram-po ny fifosana ataon'ny hafa, satria ianao tsy ho afaka hiala amin'izany isan'andro, ka mba ho entinao miala amin'izany dia tokony hampahatsiahy tena ianao amin'ny alalan'ny fahatsiarovana an'ilay andalana masina izay mampitaha ny fifosana amin'ny fihinana ny nofotry ny olona maty …tena ratsy izany fanoharana izany, izay tena maharikoriko tokoa ho an'izay mifantoka amin'ny endrik'izany aram-panahy, ary izany dia zava-boarara izay heverina ho anisan'ny fahotana lehibe tokoa!!.Ho an'izay mila mahalala bebe kokoa momba ny lalàna mifehy ny fifosana sy ny fitsikoana dia aoka izy hiverina amin'ilay fanazavana izay nentinay tao amin'ny fahitalavitra SHIRAJ.

⊙ Ary araka ny malaza nisy teny avy tamin'ilay Mpaminany masina (sw) izay milaza nanao hoe: **"moa ve fantatrareo ny atao hoe fitsikoana na fifosana?"..Namaly izy hoe: "ny Tompo Allah sy ilay irany no tena mahalala izany!".. Dia hoy indray ny Mpaminany (sw) hoe: " ny fitenenanao mikasika ny rahalahinao amin'ny zavatra izay tsy tiany". Nisy niteny ihany koa hoe: " tahaka izany koa ve raha ohatra ka ilay zavatra teneniko tena misy tokoa amin'ilay rahalahiko?", dia hoy ny navaliny: "na dia misy aminy aza izany zavatra nolazainao izany dia efa nifosa sy nitsiko azy ianao, ary na dia tsy misy aminy aza izay nolazainao dia efa nanombonteny azy ianao".**

Araka ny voaray avy tamin'ny Mpaminany (sw), niteny Izy hoe: **"tena marina ilay anjely izay antsoina hoe HIFAZWAT(mpiaro ny olombelona) rehefa miakatra any andanitra miaraka amin'ireo asan'ny mponompo, dia tena manana hazavana**



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 23 12/01/2022 09:13:53

**tahaka ny hazavan'ny masoandro izy mandram-pahatonga eny amin'ny lanitry ny tany, ary ilay anjely io dia maro asa ary miezaka manatsara ny asany, ary rehefa tonga eo amin'ny varavarana iray izy dia hoy ilay anjely izay misahana ny fiambenana izany varavarana izany aminy: " aoka hazeranareo amin'ny tarehin'ny tompony io asa io, izaho no anjely mpiahy sy mpijery an'izay mitsiko sy mifosa olona, nanome baiko ahy ilay tompoko mba tsy hamela ny asan'izay nitsiko sy nifosa olona handalo eto ka hakeny amin'ilay tompoko".**

19 Miezaha mba hiditra ny trano miaraka amin'ny tsikitsiky sy fahamiramiranana, satria ny vesatra tany ampiasana dia hita taratra eo amin'ny fifanenana izay ataonao, ary izany anefa mety tsy eritreretin'ilay vady izay miandry an'ny ramose ao antrano nanomboka tamin'ny maraina, na koa tsy mandalo ao antsainy, kanefa izy efa nanomana zavatra maro ho azy, nanomana sakafo, amin'izay mba hiara-mipetraka aminy ampitiavana eo ampihinana ny sakafo atoandro ohatra.

- Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"hamafisina fa ny tompo Allah dia mankahala an'izay mikentronkandrina eo anatrehan'ny rahalahiny".**

- Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"ny hantsarantoetra dia anisan'ny zava-dehibe eo anatrehan'ny tompo Allah, ary ny hantsaran-toetra tena mahatehotia eo anatrehan'ny tompo Allah dia izay mitondra soa ho an'ireo sakaizany, ka noho izany aoka ianao hampiditra hafaliana amin'ireo sakaizany".**

- Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"raha ohatra ny iray aminareo miditra ny tranony, dia aoka izy hiarahaba, satria ny fanaovana an'izany dia miteraka fahasoavana, ary mahatonga ireo anjely hiara mitoetra aminao".**

20 Miezaha ianao rehefa mipetraka eo ambony latabatra manoloana ny sakafo mba hihevitra fa latabatry ny tompo Allah izany manoloana anao izany, ka noho izany dia tokony hanaja ireo fahalalam-pomban'ny fivahinianana ianao, izany dia mametra anao tsy ho afaka hanao zavatra maro, ka ireto no ampahany amin'izany fahalalam-pomba izany: aoka ianao





IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 24 12/01/2022 09:13:53

hipetraka tsara, hihinana antonony, hihinana miaraka amin'ny ouzou na mila madio, aoka ihany hihinana zavatra halaly na nahazoana alalana, aza hadino ny manao bismillahi na manonona ny anaran'I tompo Allah alohan'ny hisakafo, ary hidera sy hisaotra Azy rehefa vita izany, sy izay rehetra ankoatra an'izany amin'ireo fahalalam-pomba sy fomba amam-panao izay nolovaina avy tamin'ilay iraka masina. Ho an'izay mila fanazavana fanampiny mikasika ny fahalalam-pomba momba ny fisakafoanana dia aoka izy hiverina amin'ny boky mety milaza ny mikasika izany.

⊙ Niteny imamo SWADIQ (as) nanao hoe: **"Ny fanaovana ouzou na fidiovana masina aloha sy aorin'ny fisakafoanana dia manala ny fahantrana".**

⊙ Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"izay kely ny sakafo sakafoiny, dia kely ihany koa ny fitsarana mihatra aminy".**

⊙ Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany izay mameno ny kibony".**

⊙ Niteny ny imamo SWADIQ (as) nanao hoe: **"tsy misy zavatra manimba ny fon'ny mpino mihoatra fihinana betsaka ataon'ny olona iray, ary izy io dia miteraka ireto zavatra roa manaraka ireto:**
**- Mamelona sy manaitra ny filan'ny nofo**
**- Mahatonga ny fo ho lasa fo vato**

⊙ Niteny imamo SWADIQ (as) nanao hoe: **"Tsy ratsy ho an'ny taranak'i Adam ny mihinan-kanina mba ho entiny manamafy ny lambosiny, nefa kosa, aoka ny ampahatelon'ny kibony ihany no ho fenoiny sakafo, ny ampahatelon'ny faharoa hatokany hisy ny rano nosotroiny, ary ny ampahatelony farany ho entiny miaina na mifoka rivotra.. ary aoka ianareo tsy hampatavy tena tahaka ny hatavezan'ny kisoa hatao (bouche) na hovonoina".**

**Fanazavana:** ny antony mahatonga an'imamo milaza hoe ny ampahany amin'ny kibo tokony havela ho entina mifoka rivotra, indraindray isika zanak'olombelona rehefa mihinana dia tena mameno kibo tokoa, hany ka tsy afaka miaina mihitsy na tsy

afaka mifoka rivotra satria feno diso tafahoatra, izany anefa misy vokany eo amin'ny vatana sy eo amin'ny fanahy, ka noho izany, ny tena mpino dia mitandrina fatratra amin'izany fahafenoan'ny kibo diso tafahoatra izany.

⊙ Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"izay nihinankanina na niteny nanao hoe: " dera ho an'ny Tompo Allah izay nampihinana ahy ity sy nanome anjara masoandro ho ahy, izay tsy nisy ezaka sy hery avy amiko ny nahazoana izany" dia havelan'ny tompo Allah ny fahotan'izany olona izany tany aloha sy ny mbola ho avy".**

21 miezaha hanaraka ireo fandaharana tsara sy mahomby ary mitondra tombontsoa tahaka ny fampahalalam-baovao sy izay rehetra tahaka izany, amin'ny fotoana voafetra mandritra ny fotoana fakana sasatra, vita sakafo iny ohatra, izany dia tokony hatao mba hakana tombony amin'ireo fotoana izay misy eo aminao, ary anisan'ny zavatra tsy maintsy atao eo amin'ny fiainana ny manome lanja ny raharaha momba an'ireo mpino mitovy aminao, izany indrindra no mahatonga an'ilay fitenenana hoe: izay natory niaraka tamin'ny tsy firaharahana ny raharahan'ireo mpino islamo dia tsy anisan'ny mpino velively..ary tsy misy fisalasalana fa ilay ranom-bavaka mangataka ny fahafainganan'ny fivoahan'imamo ZAMANY (aj) izay milaza manao hoe: **" tompô!, avoahy ilay sakaizanao ilay HOUJAT IBNI HASSAN ny tso-dranonao anie ho aminy sy ho amin'ireo raibeny, amin'izao fotoana izao, sy ho amin'ny fotoana rehetra…"** io ranom-bavaka io no anisan'ny antony hahatanteraka ny fialan'ny sorisory eo amin'ity vahoaka ity.

**Fanampim-panazavana:** ny mpino islamo iray dia tokony hiasa loha sy hisahirana ny amin'izay mety hanjo na manjo ny mpino toa azy, tokony hahatsapa fa vatana iray ny mpino rehetra, ka noho izany tokony hiezaka isan'andro hahalala ny zavatra manjo ireo mpino sasany eto antoerana sy any ivelany any, ka mba hahafahana hahafantatra izany tsy maintsy manara-baovao ianao, ary indrindra ny famikiana an'ilay Doua na ny ranom-bavaka izay voalazantsika tetsy ambony, satria amin'ny alalan'ny fivoahan'ilay tompon'ny fotoana ihany no hahatonga ireo mpino islamo hiala amin'ny fahoriana sy teritery rehetra izay manjo azy ireo amin'ny toerana rehetra misy azy any avy, ka

من القيام الى المنام

noho izany mazotoa mamaky an'io Doua io mba hanehoanao fa miraharaha ny momba ny namanao ianao.

22 Tena ilaina ny fitsotsorana eo ambony fandriana aorian'ny sakafo atoandro, mba ho fanomezana hery ny vavony, sy mba handevonan-kanina, ka amin'izay fotoana izay, ny sainao dia tokony hifantoka amin'ny fiderana an'ny tompo Allah eo ampanaovana izany rehetra izany, na koa tokony hiasa amin'izay zavatra tokony hataonao aorian'ny fakana reraka izay nataonao teo, ny antony anaovana izany rehetra izany satria ny zanak'olombelona raha ohatra, mahavoafehy ny bitsibitsiky ny fony sy ny feon'ny fieritreretany dia mivoha eo anoloany ilay varavaramben'ny fahombiazana.

23 Miezaha manatanteraka ireo asa tsy maintsy hatao any ivelan'ny trano, tahaka ny fiantsenana, sy izay rehetra mitovy amin'izay, amin'ny fotoana izay tsy dia misy fitohanana loatra, no sady tsy dia misy fifangaroan'ny lahy sy ny vavy, ohatra amin'izany ny amin'ny folakandro, ary tsara ihany koa ny manalavitra ny tsena izay tery be, izay tena malaza amin'ny fifangaroan'ny lahy sy ny vavy, ary tena tokony ho halavirina tokoa raha ohatra ka tsy misy asa tsy maintsy hatao ny any, satria izy dia anisan'ny toerana izay tsy dia mahafaly an'ny tompo Allah ny fandehanana any amin'izy io, ary indrindra fa ireo mpino dia mila fialantsasatra aorian'ny fotoam-pivavahana amin'ny hariva, ka noho izany tsara raha vitainy alohan'ny hanaovana izany soalat izany ny raharaha izay manandanja eo aminy.

⊙ Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **"izay mahatsiaro an'ny tompo Allah eny antsena, amin'ny fony tokoa, nefa ireo olona ao amin'izany toerana izany dia tena variana amin'ny asa aman-draharahan'izy ireo, dia soratan'ny tompo Allah ho an'izany olona izany ny fahasoavana izay mahatratra arivo isa, ary homeny famelan-keloka ihany koa izy, izay famelan-keloka tsy mbola nosaintsainin'ny zanakolombelona mihitsy amin'ny andro fitsanganana".**

⊙ Niteny tamin'i Jibril ilay Iraka masina (sw) nanao hoe: **"aiza no toerana izay tena tsy tian'ny tompo Allah?, dia hoy ny navalin'i Jibril azy hoe: " ny bazary na ny tse-**



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 27 12/01/2022 09:13:53

**na, ary ny olona tena tsy tiany ao, dia izay miditra azy io voalohany sy izay mivoaka avy ao farany".**

24 Mametraha fotoana voatokana hanaovana soalat na ny fotoam-pivavahana, aza mandeha amin'ny toerana izay mety hiteraka tsy fahavitanao izany soalat izany eo amin'ny fiandohan'ny fotoana fanaovana azy, indrindra fa ireo soalat izay tsy maintsy atao isan'andro, satria ny tsy fanaovanao izany amin'ny fotoany izay takiana hanaovana azy dia mitondra fatiantoka izay tsy voasolo na dia tahaka ny ahoana ny fahombiazana azonao eo amin'ny fiainana eto an-tany ity.

25 Hamafisina fa ny fotoana alohan'ny filentehan'ny masoandro dia fotoana tena mitondra fahasoavana tokoa, ka miezaha ianao haka tombony amin'izany fotoana farany izany na dia dimy ambinifolo minitra fotsiny aza, ka ny zavatra tsara ataonao amin'izany dia ny famerembereanao an'ilay fandefasana tso-drano amin'ilay Iraka masina (sw) sy amin'ireo fianakaviany izay tsy voapetin'ny ota, izay toy izao manaraka izao ny fanaovana azy:

اللهم صل على محمد وآل محمد في الأولين، وصل على محمد وآل محمد في الآخرين، وصل على محمد وآل محمد في الملاء الاعلى، وصل على محمد وآل محمد في المرسلين، اللهم أعط محمدا الوسيلة و الشرف والفضيلة والدرجة الكبيرة، اللهم إني آمنت بمحمد ولم أره، فلا تحرمني يوم القيامة رؤيته، وارزقني صحبته، وتوفني على ملته، واسقني من حوضه مشربا رويا سائغا هنيئا لا أظمأ بعده أبدا إنك على كل شئ قدير، اللهم كما آمنت بمحمد ولم أره فعرفني في الجنان وجهه، اللهم بلغ روح محمد صلى الله عليه وآله عني تحية كثيرة وسلاما

Izay midika toy izao manaraka izao amin'ny teny malagasy: **«tompô!, arotsahy amin'ny MOUHAMMAD sy ireo tarananу ny tso-dranonao avy tamin'ireo tany aloha, sy arotsahy amin'ny MOUHAMMAD sy ireo taranany ny tso-dranonao avy tamin'ireo izay taty aoriana, ary arotsahy amin'ny MOUHAMMAD sy ireo taranany tso-dranonao avy any amin'ilay**





IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 28 12/01/2022 09:13:53

**tompon'ny fahefana any amin'ny avo indrindra, ary arotsahy amin'ny MOUHAMMAD sy ireo taranany ny tso-dranonao avy amin'ireo iraka, tompô !, atolory an'i MOUHAMMAD izay zavatra hafa hanampy azy, omeo voninahitra Izy, sy fahamboniana, ary anjara toerana manana ny maha izy azy, tompô !, izaho dia mino an'i MOUHAMMAD na dia tsy nahita maso Azy aza, ka aoka tsy hosakananao amin'ny fahitana Azy aho amin'ny andro fitsanganana, ary omeo fahombiazana aho mba ho afaka hiaradia amin-ny, ataovy anisan'ireo vahoakany aho eo ampakanao ny fanahiko, koa ampisotroy amin'ilay fiangonan-dranony aho, rano izay tena manala hetaheta tokoa madio mangatsakatsaka, tsy hangetaheta intsony izay misotro azy ao aorian'ny fisotroana azy, ianao dia mahefa ny zava-drehetra, tompô !, araka ny finoako an'i MOUHAMMAD (sw) na dia tsy nahita maso azy aza aho, dia aoka mba hampahafantarinao ahy izy sy ny endriny ao amin'ilay paradisa, tompô !, alefaso amin'i MOUHAMMAD (sw) ny tso-drano sesehena sy fandriampahalemana avy amiko »**.. Rehefa avy eo dia vakina impolo ihany koa ity ranombavaka manaraka ity:

اعوذ بالله السميع العليم من همزات الشياطين واعوذ بالله ان يحضرون إنّ الله هو السميع العليم

Izay azo adika toy izao manaraka izao: **«tompô!, mangataka fiarovana Aminao aho, amin'ny fandrik'ireo devoly ary mangataka fiarovana Aminao ihany koa aho tompô, mba tsy hanatonan'izy ireo ahy, tena marina fa Andriamanitra mpiheno vavaka sy mahalala ny zava-drehetra lanao».**

Aorian'izay dia vakina impolo ihany koa ity tonom-bavaka manaraka ity:

لا إله إلاّ الله وحده لا شريك له، له الملك وله الحمد يحيي ويميت ويميت ويحيي وهو حي لا يموت بيده الخير وهو على كل شيء قدير

Izay midika amin'ny teny gasy hoe: **«tsy misy tompo afa tsy I tompo Allah irery ihany, tsy misy mpiray ombonantoka aminy, azy ny fanjakana, ary azy ihany koa ny dera sy**



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 29 12/01/2022 09:13:53

**Iaza, izy no mamelona sy izy no mamono, ary izy ihany koa no mamono sy mamelona, ary izy dia velona tsy mba hanandrana ny fahafatesana, eo ampelan-tananany sy soa rehetra ary izy dia mahefa ny zavatra rehetra».**

Ary izay mampifaly ireo fianakavian'I Mpaminany (sw) amin'ny alalan'ny fandefasana tso-drano amin'I NABI (sw) izay milaza manao hoe: **"tompô!, arotsahy amin'I MOUHAMMAD sy amin'ireo fianakavin'I MOUHAMMAD ny fahasoavanao hatrany amboalohany …."**

اللهم صل على محمد وآل محمد في الاولين…

Izay olona mandefa tso-drano na mangataka fahasoavana ho an'i NABI (sw) amin'ny alalan'io fandefasana tso-drano voalaza tetsy ambony io ho fafan'i tompo Allah ny fahotany sy ny hadisoany, ary hiaina ankafaliana mandrakariva izy, hovalian'ny tompo Allah ihany koa ny fangatahany no sady homeny azy izay rehetra irin'ny fony, ho hamorainy ny fahazoany ny anjara-masoandroany, mbola ampiny ihany koa izy handresy ireo fahavalony, noho izany ny famakiana io ranombavaka io dia miteraka fahasoavana maro, ary mahatonga an'izay mamaky azy ho lasa naman'i NABI (sw) miara-mitoetra aminy ao amin'ilay paradisa ambony, voalaza fa ny fomba fanatanterahana azy dia toy izao manaraka izao : intelo amin'ny maraina ary intelo amin'ny hariva.

**26** Raha sendra tsy nahazo fahombiazana ianao tamin'ny fanatanterahana ireo SOALAT NAFILAT izay miisa 34 rakat, farafaharatsiny ianao manao an'ilay soalat izay antsoina hoe : « GHOFEILAT » izay fatao eo anelanelan'ny soalat INSHA sy MAGRIB, ary voalaza fa izay manao azy io dia handova an'ilay tranon'ny fahasoavana na tranon'ny fandriampahalemana dia tsy inona izany fa ilay paradisa soa, ary torak'izany raha ohatra ianao manao soalat izy misy rakat tokana ao aorian'ny soalat INSHA. Miezaha ihany koa ianao hanatanteraka ny fotoam-pivavahana itambarana any amin'ny Masjid, ary indrindra moa raha ohatra ka akaiky ny tranonao no misy an'ilay masjid,satria tsy misy dikany ny soalat ataon'izay olona mpifanolobodirindrina amin'ny masjid raha tsy ao anatin'io masjid akaiky azy io ihany.. Izay mila fanazavana bebe kokoa dia aoka izy hiverina amin'ireo boky efa natonta miresaka ny momba izany.

27 Raha sendra mahatsapa fientanam-po ianao ao anatin'ny fanatanterahana ny asa fanompoana ataonao, na aiza na aiza toerana anaovanao izany na ao antrano na ao amin'ny masjid, dia miezaha hanao izany ao anatin'ny fotoana lava-lava, satria izany dia zavatra mandalo ihany mety tsy hiverena intsony, ary izany dia anisan'ny fanomezana avo indrindra eto amin'ity tontolo misy antsika ity..ary mazava ho azy fa izay manana fahazarana tahaka izany dia hiaina fitsangatsanganana aram-panahy izay matsiro tokoa raha ampitahaina amin'ny fitsangatsanganana eto amin'ity tany misy antsika ity.

⊙ Voaray avy tamin'i NABI (sw), niteny izy hoe : **« tena marina fa ny tomponareo eo amin'ny andrompiainanareo dia manana fanomezana, ka moa va ianareo tsy mila mahazo izany ! ».**

28 Aoka ny sakafo amin'ny hariva mba hatao alohalohan'ny fotoana, ary tokony hatao maivana, satria ny fihinanana zavatra mavesatra amin'ny hariva mety hiteraka fialan'ireo fahombiazana amin'ny fananganana soalat amin'ny alina, ary mety ihany koa hanala ireo fahombiazana hafa ankoatra an'izany.

29 Aoka ianao hametraka lamina mazava tsara eo amin'ny fandalinana izay kendrenao hataonao, ary aoka ihany koa ny famakianao boky iray hataonao anatin'ny lamina izay napetrakao, no sady tokony hatao tsy tapaka izany, ohatra amin'izany ny famakianao boky mikasika ny tafsir iray manontolo na mikasika boky Hadith na tantara na koa mikasika ny fotom-pinoana, izany no tsara atao satria ny famakiana mandalo fotsiny tsy mahatonga ny mpanompo ho lasa hahafehy tsara an'ilay taranja..fanampin'izany, tsara ihany koa ny manao famerenana an'ireo boky izay nianarana tany andakilasy sy ireo boky mirakitra ireo torohay na mampianatra asa ireny.

⊙ Voaray avy tamin'i NABI (sw), niteny izy hoe : **« meteza ianao ho lasa manampahaizana, na mpandrato fahalalana, na mpihaino izany na koa mpitia fahalalana, koa aza mety ho lasa fahadimy amin'ireo efatra voalaza ireo ».**



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 31 12/01/2022 09:13:54

30 Tokony hanokana fotoana ianao ho an'ireo zanakao, hahafahanao manitsy sy mampianatra azy ireo izay zavatra mety hitondra soa ho azy ireo, ary indrindra mba hahafahanao manafatrafatra azy ireo amin'izay zavatra tokony hataon'izy ireo sy ny tsy tokony hatao eo amin'ny fiainana ; ohatra amin'izany, ny filazanao azy ireo ny lafiratsin'ny fampiasana ny « anterina eto » internet, sy ireo fitaovam-pifandraisana izay mitera-doza ho azy ireo, sy ny ankoatra an'izany izay mety hanontaniana ireo mpanompo ny mikasika izany amin'ny andro farany..ary tokony hampifikirina amin'ny famakiana ny ampahany amin'ireo lalàna izay voasoratra ao amin'ny bokin'ireo manampahaizana fiverenana « marjan taklid » ny fianakaviana, ary mila atao isan'andro amin'izay mba vita hatramin'ny farany ilay boky, ny fanaovana izany dia tena manandanja tokoa ary tokony tsy maintsy atao.

⊙ Voaray avy tamin'imamo REZA (as), hoy izy hoe : **«Ny tompo Allah anie hitahy ny mpanompo izay mamelona ny raharahanay », dia hoy aho taminy hoe (ilay olona mpitatitra ny hadith no miteny eto): "amin'ny fomba ahoana kay no famelomana ny raharahanareo?".. dia hoy ny navaliny hoe : « mianatra ny fahalalanay no sady mampianatra izany ny hafa, satria raha niainan'ny olona ny hatsaran'ny teninay dia tsy maintsy manaraka anay izy ireo ».**

31 Tokony hanokana andro iray na maromaro isaky ny herin'andro mba hahafahana mampilalao sy mampifaly ireo fianakaviana eny amin'ny toerana maintso (park) na eny amin'ny toerana izay mety hanatanterahana izany rehetra izany...ary tokony ho miramiran-tarehy lalandava sy malemy fiteny rehefa manoloana azy ireo no sady manalavitra an'ireo fisan-doha noho ny adim-piainana ihany koa...,ary torak'izany ihany koa, tokony ho halavirina ireo toerana izay mety hisehoan'ireo fijery mampiahiahy na miteraka fifangaroana amin'ireo olom-pady (mahram) izay mety hahatafalatsaka ao anatin'ny fanaovana fahotana, na hitarika amin'ny fanaovana zavatra izay mba mahatehotia ary ny vokatra aterany..Tokony hitandrina fatratra ihany koa amin'ny fandehanana amin'ireo toeram-pisakafoanana izay tsy dia mazavazava (mashbohat) indrindra amin'izao fotoana izao, satria izy ireny dia mivarotra ny



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 32 12/01/2022 09:13:54

entam-barotrin'izy ireo amin'ny alalan'ny fanisiana famantarana hoe « halal » nefa tsy halal akory, izany toe-draharaha izany anefa tsy dia fahita matetika loatra raha ohatra ny resaka varotra no asian-teny, ary iaramahalala fa ireo mpino ihany koa dia tsy baikon'ny filan'ny nofony, na ny kibony izany na ny mahalahy sy mahavavy azy.

32 Tena marina, betsaka ireo fotoana lanian'ny zanakolombelona eo ampijerevana ireo haino amanjery (televiziona) eo amin'ny andrompiainany, ka aoka ny mpino hitandrina amin'ny zavatra jereny tahaka ny fitandremany amin'ny sakafo izay hampidiriny ao ankibony, ary tsarovy, fa ny mpino dia tompon'andraikitra amin'ny fanaovana tsirambiny eo amin'ny fiainany, dia vao maika tena mihamafy izany andraikitra izany manoloana ny fanaovany zavatra tsy rariny (tsy mifanaraka amin'ny finoana islamo), … ka noho izany, ny mpino dia tokony hijery tsara no sady tokony ho resy lahatra tanteraka fa izany zavatra jereny sy andaniany fotoana izany dia tokony hitondra tombontsoa ho azy na eto amin'ny fiainana eto an-tany izany na any ankoatra, fa raha ohatra tahaka izany no zavamiseho, dia aoka izy hiala haingana amin'ny fanaovana izany, azo heverina mety ny devoly na satana mihitsy no mitarika azy amin'ny fanaovana zavatra haramo na fady ny fijerevana azy, …ary tokony hifantoka tsara ihany amin'izay fotoana tsy maha eo azy, mba tsy ho lasa fitaovana fampielezana zavatra tsy manjary ny televisionanao na ny telephoninao, ka mba hialana amin'izany dia tokony havela ihany koa ny fampiasana ireo zavatra mety hiteraka an'izany, ..Ary aza miezaka mijery television na anterina eto raha ohatra fantatra fa mety hitarika amin'ny haramo na fijerevana zava-pady ny fipetrahana eo anoloan'izany, indrindra amin'ny alina, na amin'ireo toerana mihidy ary indrindra indrindra amin'ny fotoana izay mampiakatra ny filan'ny nofo.

⊙ Niteny ilay iraka masina (sw) nanao hoe: **« izay mifantoka amin'ny fihenoana an'izay miresaka zavatra iray dia efa nanompo an'izany zavatra noresahina izany izy, raha ohatra ilay mpiresaka miresaka mikasika an'ny tompo Allah, dia efa nanompo an'ny Tompo Allah izy, fa raha ohatra kosa ilay mpiresaka miresaka momba Ibilisa (satana) dia efa nanompo an'ny ibilisa izy ».**

33 Miezaha amin'ny famangiana izay ataonao mba hiavaka sy misy tanjona, aoka ianao tsy handeha amin'ireny toerana miteraka fifangaroan'ny lahy sy vavy ireny, na handeha amin'ireo trano na toerana izay tsy mba misy fahatsiarovana an'ny tompo Allah ilay avo indrindra mihitsy, na dia toerana tsy maintsy haleha izany noho ny antony fomba amampanao misy eo amin'ny fiarahamonina, tahaka ny fahafatesan'ny havana akaiky ohatra dia tokony hitandrina mafy ianao ary tsy atao lava ny fotoana hijanonana ao mba tsy ho tafalatsaka ao anatin'ny fanaovana zavatra voarara ny mpanompo iray, nefa niezaka naka tomnbotsoa izy tamin'ny fahatongavany teo amin'io toerana io satria niaraniory amin'ireo havana sy tapaka…,ary tokony havahana miavaka tsara ihany koa ny toerana misy ny lahy sy ny vavy mba ho famelomana ireo fomba amampanaon'ireo Ahlout Bayet (as), ka na dia tsy ao aminao aza no atao ilay fivoriana dia tokony hiteny amin'ilay tompon-trano mba hanasarahana ny toerana hisy ireo lehilahy sy ireo vehivavy. Tokony ho fantarina ihany koa fa ny ankamaroan'ireo fifankatiavana izany misy eo amin'ny lahy sy ny vavy dia vokatry ny fifangaroana misy eo amin'ny roa tonta, izay niatomboka tamin'ny vazivazy sy ny fanakaran-teny avy tamin'ny andanany sy ny ankilany, ary mety ho tratran'izany na vehivavy maontina aza rehefa mifangaro amin'ireo lehilahy, ka noho izany tokony hitandrina fatratra manoloana an'izany fifangaroana izany !!.

34 Miezaha mamonjy fandriana alohaloha, ankoatra ny hoe tena tsy tehatory mihitsy ianao satria indraindray ny fiakaranao ambony fandriana nefa ianao tsy te hatory mety hitondra any amin'ny fisainan-dratsy na eritreritra diso, satria misy amin'ny fampiasan-tsaina mety hitarika anao amin'ny fanaovana ireo zavatra voarara na haramo eo ambony fandriana na rehefa mifoha avy eo ampandriana ianao.

35 Maro ireo zavatra na asa izay tsaratsara ny fanaovana (moustahabo) azy alohan'ny hatory, anisan'izany fanoavana tasbihatou ZAHRA (as), sy ny famakiana intelo ny andininy At-taohido ary indrindra ny fatoriana miaraka amin'ny fidiovana masina (ouzou) ary tsy azo hadinoina ihany ny fangatahana famelan-keloka (istighfar) manoloana an'izay zavatra nataon'ny mpanompo nandritra ny tontolo androny,

rehefa matory ihany koa dia tokony hanindry ny ilany havanana no sady mitodika mankany amin'ny Qiblat ny ao anoloana, tsara ihany koa ny mamaky ny farany amin'ny souratoul Kahfo mba hahatonga anao tafafoha amin'ny fanaovana fotoampivavahana amin'ny alina, na dia eo aza izany aza hadino ihany koa ny mamelona ireo fitaovam-pahatsiavana na « reveille ».. Izay mila fanazavana bebe kokoa dia aoka izy hiverina amin'ireo boky izay milazalaza ireo fahalalam-pomba rehefa hatory.

⊙ Niteny Nabi (sw) nanao hoe: **« izay mamaky *« al-haakom takaathor »* alohan'ny hatory, dia hesorina amin'ny ireo fahasarotana ao am-pasana ».**

⊙ Niteny imamo Swadiq (as) nanao hoe: **«izay nanao fidiovana masina ary rehefa avy teo dia niakatra teny ambony fandriany, matory izy ary izany fandriany izany dia tahaka ny Masjid ho azy, ka raha ohatra sendra nahatsapa izy fa tsy nanao fidiovana masina, dia tokony hanao Taiamoum izy amin'izay zavatra ahafahana manao izany, raha ohatra izy nanao izany dia tahaka ny olona tao anatin'ny fanaovana soalat ary anisan'ireo mpahatsiaro an'ny Tompo Allah».**

⊙ Voaray avy tamin'ny ZAHRA (as), hoy indrindra izy tamin'izay: **«indray andro sendra niditra tao antranoko ilay iraka masina (sw), tamin'izay fotoana izay dia efa niakatra teo ambony fandriana aho, dia hoy izy tamiko: ô ry FATIMAT!, aza matory mihitsy ianao raha tsy vitanao ireto zavatra efatra ireto: fanamperana ny boky masina kor'any, ary ataovy mpanelanelana anao ireo iraky ny Tompo Allah, ary ataovy faly aminao ireo mpino, ary manaova fivahinianana masina ianao (hajj sy omrat), izay izy rehetra, ka dia nandeha nanao soalat izy rehefa avy niteny izany, ka dia niandry aho mandrampahavitan'ny soalany, dia hoy aho taminy: "ô ry ilay iraka masina!, ianao naniraka ahy amin'ny fanaovana zavatra efatra izay tsy ho vitako amin'izao fotoana izao velively", dia nihomehy izy, ary hoy indrindra izy: "raha namaky ny *«qol hoa Allah ahad»* intelo ianao dia efa nanampitra ny boky masina kor'any rehetra, ary raha nandefa tsodrano tamiko sy tamin'ireo mpaminany hafa tany aloha-**





IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 35 12/01/2022 09:13:54

**ko ianao dia tahaka ny nanao anay ho mpanelanelana anao amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty, ary raha ohatra ianao nangataka famelan-keloka ho an'ireo mpino dia efa nataonao faly aminao izy ireo, ary raha ohatra ianao miteny hoe: *sobhanallah wal hamdoulillahi wa la illaha ila-llaho w'allaho akbar* dia efa toa nanao hajj sy omra ianao».**

⊙ Voaray avy tamin'imamo SWADIQ (as), hoy izy hoe: **«rehefa miakatra eny ambony fandriana ianao hatory, diniho sy jereo akaiky ny zavatra nampidirinao tao ankibonao, sy izay zavatra azonao na nokatsahinao tamin'ny tontolon'andronao, ary tsarovy fa ianao dia hofaty no sady manana fotoana hihaonana amin'ny Tomponao ianao».**

**36** Ny fifandraisana amin'ny fianakaviana tsy voatery hatao amin'ny fifamangiana ihany, indrindra moa raha ny fanatanterahana izany famangiana izany miteraka olana sy mety misy sakana, ary indraindray ny tena tsara amin'izany dia ny fiantsoana azy ireo amin'ny alalan'ny antso antari-by (telifony) mba hahafahanao manontany ny mombamomba azy ireo, ary indrindra ny fahasalaman'izy ireo.

**37** Ny fitsinjovana ny fahasalamana dia anisan'ny zavatra izay amporisihan'ny finoana, ka noho izany tsy misy olana raha mba miezaka manao na mandrindra fandaharam-potoana mba hanaovana fanatanjahan-tena ianao, nefa kosa tokony ho tandrovana fatratra ny fidirana amin'ireny toerana izay mety hahatonga anao ho tafalatsaka ao anatin'ny fanaovana zavatra voararan'ny finoana, ary ny tena tsara ny fanaovana izany fanatanjahan-tena izany ao antrano, miaraka amin'ny fihainoana ireo zavatra miteraka fahatsiarovana an'ny tompo Allah.

**38** Tokony hiavaka ny fandaharam-potoananao amin'ny atoandro sy alin'ny andro zoma, satria, raha ny tena marina, ny mpanompo dia mila fandaharam-potoana miavaka ho fifandraisany amin'ny Tompony, mba hahafahany manompo azy bebe kokoa, mangataka aminy, ary indrindra mba hahafahany mamangy ireo namana marary sy ny fasan'izay rehetra efa nindaosin'ny fahafatesana ary ny ankoa-





IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 36 12/01/2022 09:13:54

tra an'izay amin'ireo fandaharam-potoana izay mitondra soa ho an'ny mpino; tsy misy fisalasalana fa ny famakiana ny Doua Komeily no fampianarana azo izay tena mampiavaka ny alin'ny andro zoma, ary ny famakiana ny «Doua An-noudbat» sy ny fiandroana na ghoslo no mampiavaka ny atoandrony…,ka aoka ianao hiverina amin'ilay boky izay mitondra ny lohateny hoe: «MAFATIHOL-JINANI» raha te-hahalala bebe kokoa ireo asa tsara atao amin'ny andro zoma.

39 Tokony hiomana ny mpino amin'ny fanatanterahana ireo fomba fanompoana alohan'ny hahatongavan'ilay volana masina, izany anefa mitaky fiverenana amin'ireo boky izay milaza sy mirakitra ireo fomba fanompoana isaky ny volana, ary araka ny hafatra azo, dia amporisihina ny mpino mba hanatanteraka ireo asa fanompoana (soalat) izay fatao isaky ny voalohan'ny volana, satria ny fanaovana izany dia mitondra fahasalamana ho antsika ao anatin'ny volana iray manontolo.. ka tahaka izao manaraka izao ny fanaovana ny soalat amin'ny voalohan'ny volana: famakiana ny andininy masina *AT-Taohido* intelopolo sy ilay andininy al-Hamdo ao anatin'ny Rakat voalohany, ary ao anatin'ny Rakat faharoa, aorian'ny famakiana Hamdo, vaky intelopolo ihany koa ny andininy masina *AL-Qadro*, ary rehefa vita izany dia mamaky ireo Doua na ranombavaka fatao ao aorian'izany, no sady mamoaka fanomezana ho an'ilay volana manontolo.

40 Anisan'ny asa tsara ataon'ny mpino ny mifikitra mandrakariva amin'ny fanomezan-danja ireo fahoriana izay nanjo an'ireo taranaky ny Mpaminany (as) (ahloul bayt), indrindra fa ny fahavoazana izay tena mahonena tokoa nanjo an'imamo HOUSSEIN (as) sy ny fianakaviany (ny tso-dranon'ny tompo Allah ho amin'izy ireo), tokony nanangana majlisy fahatsiarovana an'izany ny mpino na dia indray mandeha ao anatin'ny herinandro aza…, ary rehefa tsy afaka manatrika ireo majlisy itambarana ianao, dia tokony hiezaka hiheno izay feo voatahiry amin'ireo fitehirizam-peo, tamin'ny majlisin'ny alahelo tany aloha…, anisan'ny zavatra tsara atao ihany koa ny fanaovana Zyarat an'imamo Houssein (as) isaky ny alin'ny zoma na dia lavitra ny tany nilevenany aza ny misy anao satria izany dia miteraka fahombiazana ho an'izay manao azy.., ary araka ny malaza, tena marina fa ny fon'ireo mpitia dia tsy mba mahalala

izay akaiky na lavitra izany mihitsy satria ny fisehoan-javatra any amin'ny tontolon'ny fanahy tsy mba mahafantatra izany fetra sy sakana izany mihitsy, ka noho izany tanteraho ny famangiana an'ireo imamontsika ary indrindra I Aba Abdillah Houssein (as) fa mahatonga anao hifandray amin'ilay tontolon'ny fanahy!!.

⊙ Voaray avy amin'i Hanano Ibni Sodair, voaray avy amin'ny rainy, ary hoy ity farany hoe: **«hoy ny imamo Swadiq (as) tamiko: "ô ry Sodair!, moa ve mba mamangy an'ilay fasan'imamo Houssein (as) isan'andro ve ianao?", dia hoy aho taminy hoe: "tsia ry lehibeko", dia hoy indray izy tamiko: " fa inona no manakana anareo, tsy hamangy azy isaky ny Zoma?", dia hoy aho taminy indray hoe: "tsia", dia hoy izy hoe: "ka moa va mba mamangy azy isam-bolana ianao?", dia hoy aho taminy: "tsia", dia hoy indray izy hoe: "ka mba mamangy azy indray isan-taona ve ianao?", dia hoy ny navaliko azy: "izany indrindra", dia hoy izy tamiko: "ô ry Sodair!, inona loatra ny mahatonga anareo manadino an'imamo Houssein(as), ka moa va tsy fantatrareo fa ny tompo Allah mandefa anjely roa arivo, mihosom-potaka no sady mitomany ary koa mamangy azy ampahoriana, ary mba inona no mahasakana anao tsy hamangy azy indimy isaky ny zoma ary indray mandeha isan'andro ry Sodair?", dia hoy aho taminy hoe: " ô ry lehibeko!, ny olana anie elanelana be loatra ny mampisaraka anay roa" (lavitra ny toerana misy ny fasan'imamo), dia hoy izy tamiko: " miakara ao ambony tafon-trano ianao, ary rehefa avy eo mitodika ankavanana sy ankavia, rehefa vita izany, miandrandra any amin'ny lanitra ianao, ary rehefa avy eo mitodiha mankany amin'ny fasan'imamo Houssein (as) ianao, dia mitenena toy izao manaraka izao: "ASSALAMO ALAIKA YA ABA ABDOULLAHI, ASSALAMO ALAIKA WA RAHMATOULLAHI WA BARAKATOHO" izay midika amin'ny teny gasy toy izao manaraka izao: "fandriampahalemana ho aminao ry ABA ABDILLAH fandriampahalemana ho aminao ary ny indrafon'ny tompo Allah anie ho aminao ary ny fitahiany".**

**Raha manao izany ianao dia hosoratana anisan'ireo namangy an'imamo tany amin'ny toerana nilevenany no sady ho soratana tahaka ny nanao fivahinianana masina (hajjy sy ormat).**

من القيام إلى المنام



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 38 12/01/2022 09:13:54

**NY FIANDRASANA TENA IZY NA TENA TAKIANA**

Tena marina fa ny fiandrasana ny fivoahan'Imamo Zamani (as), dia ny fijoroana sy fanatanterahana ny anjara andraikitrao ao anatin'izao vanim-potoana tsy maha eo azy izao, na dia amin'ny endrika tsotsotra araka izay tratranao aza, ka noho izany ny tena fiandrasana tena izy dia izay arahin'asa ( izany hoe, Imamo ho tonga hameno sy hampijoro ny fahamarinana eto an-tany, ka andraikitrao izay mpitia sy mpanaraka azy no manomana an'izany amin'ny alalan'ny fametrahana ireo vato fototra ho an'izany asa lehibe izany).

*Izahay dia miandrandra ranombavaka (Doua) avy aminareo*

Tompô !, meteza ianao ho an'ilay vavolombelona zanak'i Hassan izay ny tso-dranonao anie hirotsaka aminy sy amin'ireo raibeny, amin'izao fotoana izao ary ho amin'ny fotoana rehetra, mba hosakaizany, mpiaro azy, mpitarika azy, no sady mpanohana azy, no porofo ho azy, ary ho masony ho entiny mijery, mandram-pametrahanao(hampisehoana) azy eto amin'ity taninao ity antsitra-po, ary hampanjakainao ao izy mandritra ny fotoana lava, amin'ny alalan'ny famindram-ponao, ô ry ilay be fiantrana amin'ireo mpiantra !.

من القيام إلى المنام

Ity boky ity dia nadika amin'ny teny malagasy mba hahafahantsika mpino islamo mahafantatra ny asa izay tokony hataontsika mandritra ny tontolo androntsika, mety maro ireo mpino izay tsy dia mahafantatra ireo asa tsara izay mety hitondra soa azy, ka mba ho fanampiana antsika amin'izany dia nadika izy ity, manantena izahay fa hahazo tombony ianao mpamaky hajaina eo ampamakiana azy, ary mangataka Doua avy aminareo ihany koa izahay izay nisalaha tamin'ny fandikana azy ity.

Nanome baiko tamin'ny fandikana: SHEIK NOUR
Nandika tamin'ny fiteny Malagasy: SHEIK SALMAN
Nitsara sy nandrindra ekipan'ny Radio RVS izay tarihin'I SHEIK ABOU MOUNIR

DERA SY SAOTRA NO ATOLOTRA AN'I TOMPO ALLAH ARY NY TSO-DRANONY HO AMIN'ILAY MPAMINANY FARANY SY IREO FIANAKAVIANY IZAY TSY VOAPETIN'NY OTA



IREO FANDAHARAM-POTOANA ISAN'ANDRO.indd 40 12/01/2022 09:13:54